NOVENA in preparazione per celebrare il Centenario di fondazione delle PSMC

DELEGATION « MARIE REINE DE LA PAIX »

Madagascar: 20 - 28 giugno 2015

VAVAKA HASIVIAN'ANDRO HO FANKALAZANA NY FAHA-100 TAONA NIORENAN'NY FIKAMBANANA

(20 - 28 JIONA 2015) VAVAKA HARIVA

(na 'ZAY METY / CTE)

1/ ANDRO VOALOHANY : 20 jiona

HO FISAORANA AN'ANDRIAMANITRA NANDRITRA IZAY 100

TAONA LASA IZAY.

Tenin' Andriamanitra : Ef 1, 3-10

Isaorana anie Atra Rain'i Jesoa Kristy…… Izany àry ny Tenin'ny Tompo

Fahanginana…..

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin'ny taratasy)

2/ ANDRO FAHAROA : 21 jiona

MIVAVAKA ISIKA HO AN'NY PAPA RAY MASINA SY NY FIANGONANA

Tenin’ i Don Orione

Ankoatra izany tsy maintsy mivavaka hoan’ny Papa isika ary manofana amin’ny aspirant fa indrindra ireo Seminarista fa sy ny mpinatra ato amintsika mba handresy ny ratsy izay mikendry ny fanahiny amin’ny ho avy.

Aoka ho mailo isika ary halavirina ny tranontsika ny zavatra rehetra mety manaratsy ny Papa, amin’izay mampihena ny fahefany sy fanomezan-dalàna, amin’izay fanivanana ny lalàna na misy ny fampianarana na toe-tsaina tsy mifanaraka loatra amin’ny fampianarany.

Ny fiekem-pinoantsina dia ny Papa, ny moraly dia ny Papa, ny lalantsika di any Papa! (…) Ny faneken’tsika ny Papa tsy tokony hahena, noho izany amin’ny samaritana ny ex cathedra: tsy azo ahena isaky ny fanekena am-pahatsorana amin’ny fampianarany izay miseho amin’ny endrika maro, na koa amin’ny alalan’ny tenanay na amin’ny alalan’ny Sacres Congrégations, ny Nonces na ny Délegués apostoliques, ny eveka na iraka hafa; tsy mianona fotsiny amin’ny fanarahana be fahatany na hoe manaraka baiko fa ny Zanaky ny Fitondran’Andriamanitra dia tokony hanana lalàm-piainana ny miaina sy ny mampiaina ny fanahy amin’ny fiombonana tanteraka toy ny zanaka amin’ny Solon-tenan’i Jesoa Kristy

eto an-tany. Ka ny hafatra rehetra, ny toro-hevitra rehetra, ary ny fanirian'ny Papa rehetra dia tokony hotanterahintsika!

Tsy mila na mahalala mpampianatra hafa na hazavana hafa; tsy mahalala Mpiandry hafa, tsy mahalala na maniry Ray hafa isika, na Kristin'ny vahoaka sy hita maso eto an-tany: Izy ihany, ilay Ray, i Kristy eto an-tany araka ny tenin'i Mb Cathérine de Sienne. (Taratasy tamin'ny 5.1.1928)

(L II,43-45)

Hiran'i D Orione …..

VAVAKA FAHA-100 TAONA(ao amin'ny taratasy)

3/ ANDRO FAHA-3 : 22 jiona

ENTINTSIKA AM-BAVAKA IREO MPIKAMBANA SY IZAY EFA NANDALO TATO AMIN'NY FIKAMBANANA

Nalaina tao amin'ny MAGNA CARTA

Nivavaka aho ary nieritreritra anareo matetika tamin'ireto andro ireto, indrindra fa amin'izao fotoana hitenenako izao dia tsaroako hoe: mihaona manao laretirety ianareo. Napetrako sy apetrako eo am-pelatanan'i Masina Maria ianareo rehetra sy ny tsirairay avy; satria ho

araka ny sitrapon'ny Tompo ianareo**: MANETRY TENA , MAOTINA, FENO FANDAVAN-TENA SY FITIAVANA AN'I JESOA KRISTY** amin'ny fanompoana ny mahantra, ny madinika sy ny tsy misy mpiahy, miaina eo an-tongotra sy ao amin'ny fitiavana mamin'ny Fiangonana sy ny solontenan'ny Tompontsika.

Ivavaho sy angataho amin'i Jesoa Voafantsika ny toe-panahy mahay miaritra fijaliana, mandà tena, mandefitra ary ny mivavaka ny tsy manam-piahy hahatsapa ao aminareo fa rahavavy, anabavy ao amin'i Jesoa Tompo ianareo sy reniny; ka raha mitsabo ny fijalian'ny vatana ianareo dia omeo ihany koa ilay Fahazavana sy fanalana alahelo avy amin'Andriamanitra. Isaky ny dianareo, dia ataovy miorim-paka eny amin'izay handalovanareo eny ny finoana sy ny hadiovam-po, hamamiana sy fitiavan'Andriamanitra.

Omeo tanteraka an'Andriamanitra ny fiainanareo, mba ho an'ny namana ihany koa, ampiasao avokoa ny fomba rehetra mety hanampy sy hanazava ny sainareo, hitarihanareo sy hahazoanareo ny fanahy.

Fahanginana…..

VAVAKA FAHA-100 TAONA(ao amin'ny taratasy)

4/ ANDRO FAHAEFATRA : 23 jiona

MIVAVAKA ISIKA HO AN'NY MPANAO SOA NY FIKAMBANANA

Tenin'Andriamanitra : 1 Kor. 12 ; 4-11

Maro samihafa ….**Izany àry ny Tenin'ny Tompo…….**

Miasa, mijaly, maty eo ambany mason'Andriamanitra, dia Andriamanitra irery! Ny fijerin'Andriamanitra dia toy ny orampanala izay mankahery, sahala amin'ny tara-pahazavana izay mampamokatra sy mampivelatra: miasa ary tsy an-kiato, miasa eo ambany mason'Andriamanitra isika, Andriamanitra irery!

Oh! Tena ilaina sy mankahery ny sitrapon'Andriamanitra na ijoroana ho vavolombelona fotsiny aza! Andriamanitra irery no fahamasinana amin'ireo ambaratonga fara-tampony: Andriamanitra irery no fahasambarana amin'izay rehetra mamy indrindra aminareo : Andriamanitra irery no fiarovana azo antoka, mitombona kokoa mba ho jerena any an-danitra indray andro any.

Andriamanitra irery, ry tsarafanahy! Andriamanitra irery!

Bokikelin'ny *Asan'ny Fitondran'Andriamanitra,* marsa 1910

5/ ANDRO FAHADIMY : 24 jiona

TSAROANTSIKA AM-BAVAKA IREO IANTEFAN'NY ASAM-PITIAVA-NAMANA ATAONTSIKA

LITANIAN'NY FANAHY NALAINA AVY TAO AMIN'NY Plus belle page de Don ORIONE.

p.121 (voir et entendre le Christ dans l'homme)

MIJERY SY MAHATSAPA AN'I KRISTY AO AMIN'NY OLONA

Tsy manao afa-tsy ny mijery sy mitia ny fanahin'ireo rahalahintsika, eto amin'izao tontolo izao.

Ny fanahin'ireo madinika,

ny fanahin'ireo mahantra,
ny fanahin'ireo mpanota,
ny fanahin'ireo olo-marina,
ny fanahin'ireo avilivily
ny fanahin'ireo mibebaka,
ny fanahin'ireo mikomy amin'ny sitrapon'Andriamanitra,
ny fanahin'ireo mikomy amin'ny Fiangonana masin'i Kristy,
ny fanahin'ireo zaza tsy valahary,
ny fanahin'ireo pretra mahavanon-doza sy mpivadi-belirano,
ny fanahin'ireo miaiky ny fijalianny,
ireo fanahy mangatsakatsaka toy ny voromailala,

ireo fanahy feno fahatsorana sy fanahin'anjely ananan'ny virjiny,
ireo fanahy very ao anaty aizin'ny fandrenesana, sy ny fitaritana mirefarefa isankarazan'ny nofo.
Ny fanahy mirehareha amin'ny ratsy,
ny fanahy mitsiriritra fahefana sy volamena,
ny fanahy feno fitiavana ny tenany,
ka tsy mahita afa-tsy ny tenany,
ireo fanahy mania ka mitady ny lalan-kizorana,
fanahy mivenjivenjy mitady izay mba hialofana
mikaroka teny mamy hanamaivana ahay,
fanahy mikiakiaka ao anatin'ny famoizam-pon'ny fanamelohana,
ireo fanahy finaritra migoka ny hafalian'izay miaina ny fahamarinana:

Samy tian'io Kristy daholo izy rehetra ireo!
ary ho azy rehetra no nahafatesan'i Kristy!
izy rehetra no tian'i Kristy hovonjena,
eo an-trotroany sy eo ambon'ny Fony voalefona.

Ranombavaka (spontanée)

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin'ny taratasy)

6/ ANDRO FAHAENINA : 25 jiona

ENTINTSIKA AM-BAVAKA IREO REHETRA MANOKANA NY FIAINANY HO AN'ANDRIAMANITRA

Tenin'Andriamanitra : Mt 19,27-29

Namaly i Piera ka nanao Taminy hoe : « Indro izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra,ary nanaraka Anao, ka inona no ho azonay ? Hoy i Jesoa taminy : « Lazaiko marina aminareo fa raha mby amin'ny andro fanavaozana,ny Zanak'Olona dia hipetraka eo amin'ny fiketrahan'ny fiandrianany ;ary ianareo izay nanaraka Ahy koa hipetraka amin'ny fiketrahana roambinifolo,ka hitsara ny Foko roambinifolo amin'i Israely.Ary izay rehetra handao ny tranony,na ny rahalahiny,na ny anabaviny,na ny rainy,na ny reniny,na ny vadiny,na ny zanany,na ny taniny noho ny Anarako,dia sady hahazo heny no handova ny fiainana mandrakizay. **Izany àry ny Tenin'ny Tompo……**

Hira : Ato amiko ny Fanahy, fa nanositra ahy hitory vavao mahafaly….

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin'ny taratasy)

7/ ANDRO FAHAFITO : 26 jiona

TSAROANTSIKA AM-BAVAKA NY LAHIKA REHETRA INDRINDRA IREO IZAY MIARA-MIASA AMINTSIKA.

Tenin'Andriamanitra : Mt 10,40-42

Izay mandray anareo mandray Ahy ;ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy.Izay mandray ny mpaminany noho izy mpaminany,dia mandray ny valisoan'ny mpaminany ;ary izay mandray olo-marina noho izy olo-marina dia hahazo ny valisoan'ny olo-marina ; ary na iza na iza hanome rano mangatsiaka na dia eran'ny kapoaka monja aza hosotroin'ny anankiray amin'ireo madinika indrindra ireo,noho izy mpianatro,dia lazaiko marina aminareo fa tsy ho very valisoa izy.

Izany ary ny Tenin'ny Tompo.

Tenin'i Don Orione :

Enga anie ny antsika mba ho fiainana tena miredareda ny fitiavana masina ary voatokana manontolo amin'izay ankasitrahin'Andriamanitra! Tsy ampy azy ny finoanareo, fa tokony ho tsapany sy hitany ny asanareo: "ny asa tsy arahim-pinoana dia maty". Jereonareo anie ry zanako, ny saha midadasika miandry anareo: any amin'ireo izay ianahan'ny ratsy sy mamono ny fanahy e! Ny zanaky ny maizina ve dia ho fetsy sy kinga kokoa amin'ny ratsy, noho ny zanaky ny mazava sy ny marina amin'ny fanaovan-tsoa?

L. II, 55

***

Zanaky ny Finoana sy nyasa isika. Ary tokony ho tia sy hianatra ny ho apôstôlin'ny asa sy ny finoana isika. Tokony hiazakazaka foana isika amin'ny asa ary mba hiasa

hatrany hatrany. Miantso antsika ny any Reggio Calabria " mihazakazaka ny Pretra". Mitandro ny fahasalamana, fa miasa hatrany am-pahazotoana, an-kafanam-po ho an'Andriamanitra sy ny Fiangonana ary ny Fanahy. Ary jereo ny lanitra, mivavaha, ary avy eo... mirosoa an-kasahiana dia miasà!

(da lettera del 5. 8. 1920)

L. I, 251

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin'ny taratasy)

8/ ANDRO FAHAVALO : 27 jiona

MIVAVAKA MANOKANA ISIKA MBA HISIAN'NY FANDRIAMPAHALEMANA ERAN-TANY INDRINDRA ETO AMIN'NY FIRENENTSIKA.

Tenin'Andriamanitra : Sal 132

Endrey ,tsara sady mamy ho an'ny mpirahalahy ny miara-monina ! Tahaka ny diloilo sarobidy aidina eo an-doha izany ; ka mitsotsorika amin'ny somotra,dia amin'ny somotr'i Aarona,sy midina amin'ny sisin'akanjony. Manahaka ny andon'i Hermôna izany,izay milatsaka eo amin'ny tampon'i Siôna ; fa ao no nanorenan'i Iaveh ny fitahiana,ny fiainana ho mandrakizay.
Izany àry ny Tenin'ny Tompo…

Hira : mba mahafinaritra loatra izany mpianakavy

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin'ny taratasy)

9/ ANDRO FAHASIVY : 28 jiona

ENTINTSIKA AM-BAVAKA IREO MASERA SY IREO FIANAKAVIANTSIKA REHETRA

EFA NODIMANDRY.

Tenin'I Don Orione :

Ary ny olomarina voalaza amin'ny poezia "Ny fitokisana an'Andriamanitra", araka ny voasoratra eo amin'ny sarivongan'i Bertolini hoe: "raha mamitaka ahy ny zava-drehetra, ka manantena ho tony amin'izay fotoana izay aho/ dia mandositra no mety/ mangetaheta ny fiainana / ka miantoraka eo an-tratranao ry Ray ny fanahiko/ mihazakazaka sy miala sasatra amin'ny fitiavana iray/ dia ilay fitiavana tsy eto an-tany...".

Izany no misionan'ny fahoriana!

Fararano ny andro tamin'izay, nanao ny kilasy voalohany tany amin'ny ambaratonga faha-telo aho, tao amin'ny tanana iray tsy dia mangatsiaka loatra tahaka ny antsika eto Tortona, nisy ranomandry sy hamandoana ary nihintsana ireo ravina manompy mavo, ny mpanara-maso anay tamin'izay dia ilay Luigi Chiavarino, nitondra anay namangy ny fasana tao Turin izy tamin'ny andro fahavalo fetin'ny maty. Teny am-pandehanana anelanelan'ny fasana teny izahay , asa na fantany na sendrasendra fa tonga teo

amin’ny lakroa iray nisy soratra hoe: “mamanala ato i Silvio Pellico, tsindrian’ny vesatry ny hazo fijaliana ao izy no mianatra ny lalana mizotra makany an-danitra”. Teny nosoratan’ny vehivavy iray malaza izany, ary nankalazain’ny olona rehetra manerana an’i Piemonte ny anarany hoe: Andriambavin’i Barolo. Izy mihitsy no nanoratra an’io andalantsoratra io.

“Mamanala ato i Silvio Pellico, tsindrian’ny vesatry ny hazo fijaliana ao izy no mianatra ny lalana mizotra makany an-danitra”. Loza raha tsy misy fijaliana eo amin’ny fiainana! Loza! Loza!

Par.(15. 10.1939)

XI, 174-175

Hira : nitopy tamiko ny fijerin’i Jesoa….

VAVAKA FAHA-100 TAONA (ao amin’ny taratasy)

Ogni abbandonato trovi in voi

una sorella in Gesù Cristo e una madre,

e mentre sanerete i dolori del corpo,

donate alle anime la luce e il conforto di Dio

(Don Orione)